


Raha ny tena izy dia telo ihany no tokony ho kandida amin’ny fifidianana Filoham-pirenena 2023.

Fa efa tsy misy tranon-kenatra intsony moa ny folo sady nandoa vola be 2 miliara iraimbilanja no nandray anjara tamin’ny ankitsapaka nahafantaran-tsika ny laharan’ny tsirairay avy, imason’izao tontolo izao.




Izaho tsy ampisongadina ny tsy fitiavan’izy ireo ny Tanindrazana fa ampiseho ny taratasy nosoniavin’ny Filohan'ny Antenimieran-doholona, Herimanana Razafimefa mampibaribary ny teti-dratsin-dry Siteny (*«Pression»* e ! *«Coup d’État»* e !). Dia lazao koa fa hosoka.



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FANAMBARAN’ANDRIAMATOA FILOHAN’NY ANTENIMIERAN-DOHOLONA**
**RAZAFIMAHEFA HERIMANANA**

Manoloana ny resabe iniana aparitaka amin’izao fotoana izao, dia raisiko adidy ny manao ity fanambarana manaraka ity:

Ny datin’ny 08 Septambra 2023 dia nandefa taratasy teo anivon’ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana tokoa ny tenako nanambara fa tsy afaka hiantsoroka ny andraikitra maha-filoham-panjakana mpisolo toerana aho noho ny antony manokana.

Tsy ilaina ny krizy politika sy ny fanakorontanana iniana volena eto amin’ny Firenena.

Miantso ireo kandida sy ny mpanao politika Malagasy rehetra mba hijery ny tombontsoa ambonin’ny Firenena mandrakariva, hifantoka tanteraka amin’ny fifidianana fa tsy sanatria hamorona korontana, tsy hitondra voka-tsoa velively ho an’i Madagasikara.

Miantso ny vahoaka Malagasy ihany koa mba ho tony mandrakariva ary tsy hiroroa saina fa hizotra am-pilaminana amin’izay fiatrehana ny fifidianana izay mba hamaritana izay hitondra ny firenentsika ao anatin’ny 5 taona manaraka indray.

Antananarivo, 13 Septambra 2023

Ny Filohan’ny Antenimieran-doholona

Herimanana RAZAFIMAHEFA